
**SAFIDY 2: MAHAZO FITAHIANA AVY AMIN' ANDRIAMANITRA ISIKA AMIN'NY ALALAN'NY FANKATOAVANA NY LALÀNY.**

## Ireo loharanom-pitaovana hohalalinina:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21; jereo koa ny Jaona 7:17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10

Nampianatra toy izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Raha tena maniry fitahiana iray ianao, dia tsara kokoa ny hamantaranao hoe inona ireo lalàna mifehy izany fitahiana izany ary avy eo dia miezaha ny ho tonga mpankatò ireo lalàna ireo. (Russell M. Nelson, "The Mission and Ministry of the Savior: A Discussion with Elder Russell M. Nelson," Ensign, jona 2005, 19)

**SAFIDY 3: MANANA VATANA NOFO SY TAOLANA NY RAY ANY AN-DANITRA SY I JESOA KRISTY. NY FANAHY MASINA DIA VATANA FANAHY.**

## Ireo loharanom-pitaovana hohalalinina:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23; jereo koa ny Matio 3:13–17; Asan'ny Apostoly 7:55–56

Nampianatra toy izao ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Mino isika fa ireo olona masina telo ireo izay mandrafitra ny Andriamanitra tokana izay iray eo amin'ny tanjony sy ny fomba fiasany, sy ny fijoroany ho vavolombelona ary eo amin'ny iraka tanterahiny. Mino isika fa Izy Ireo dia samy henik'ilay toetra araka an' Andriamanitra feno famindram-po sy fitiavana, fahamarinana sy fahasoavana, faharetana, sy famelan-keloka ary fanavotana. Mihevitra aho fa marina ny filazana fa mino isika fa iray Izy Ireo eo amin'ny lafiny manan-danja sy mandrakizay rehetra azo heverina *afa-tsy* ny finoana Azy Ireo ho olona telo mitambatra ho olona iray. . . . Ambaranay fa miharihary avy amin'ny soratra masina fa ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia olona misaraka, olona masina telo. (Jeffrey R. Holland, "The Only True God and Jesus Christ Whom He Hath Sent," *Liahona*, nôv. 2007, 40–41)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_451-1